# Ilay Voa Tsara Nafafy 19 Desambra 2018

# 19 **Alarobia** desambra

**Nahoana no manontany ny anarako ianao ? fa anarana mahagaga izany.** Mpitsara 13. 18

**Fa Zaza no teraka ho antsika, Zazalahy no omena antsika ; ary ny fanapahana dia eo an-tsorony, ary ny anarany atao hoe Mahagaga, Mpanolotsaina, Andriamanitra Mahery, Rain'ny mandrakizay, Andrianan'ny fiadanana.** Isaia 9. 5

## Anarana mahagaga (1)

Talohan'ny nahatongavan'i Jesosy, dia niandry ny Mesia ny mpino. Faminaniana maro no manambara izany ao amin'ny Baiboly. Nolazaina fa ny anarany dia hatao hoe : Mahagaga. Nahazo izao hafatra izao i Maria : „Ny Masina Izay hateraka dia hatao hoe Zanak'Andriamanitra" (Lioka 1. 35). Antony lehibe nitondra fifaliana sy fahagagana ny fahatongavany teo anivon'ny olony. Nahatalanjona ireo rehetra niandry Azy ny fomba nahaterahany. Tononkira tonga ho azy no nipololotra avy tao ampon'izy ireo, ary anjely marobe tao an-danitra no nanome voninahitra an'Andriamanitra.

Mampitolagaga Ilay Lehilahy lavorary sitrak'iAmanitra. Ireo izay nino Azy, noho ny fampianarany sy ny fahagagana nataony, dia niaiky fa Izy no „Imanoela", izany hoe Andriamanitra eo anivon'izy ireo.

Fa mbola mahagaga kokoa noho izany Jesosy : Izy no Ilay Andriamanitra Mpamonjy, tsy azon'ny vahoaka, nankahalaina satria madio fitondrantena, nanaiky hohomboan'olona tsy tan-dalàna, teo amin'ny hazofijaliana. Teo Izy dia nivavaka ho an'ireo mpampijaly Azy hoe : „Raiko ô, mamelà ny helony, fa tsy fantany izay ataony". Novohainy ho an'ilay jiolahy iray ny lalana mankany an-danitra : „Anio no hihaonanao amiko any Paradisa". Novahany tanteraka, ary ho mandrakizay, ny olana momba ny ota ao amin'ny olombelona, ota naniratsira an'Andriamanitra. Hoy Izy : „Vita" ; dia niditra an-tsitrapo sy am-pandresena tao amin'ny fahafatesana Izy, nilaza hoe : „Raiko ô, eo an-tananao no atolotro ny fanahiko". „Dia nihorohoro ny tany", nisy fasana nisokatra, nisy mpino nitsangana tamin'ny maty… „Lazaiko tokoa fa marina io Lehilahy io", hoy ilay kapiteny.

*Tsy hisy maso hahita zava-mahatalanjona kokoa*
*Noho ny hazofijaliana, izay nihantonan'*
*Ilay Tompon'ny aina, tamin'ny ora maizim-pito*
*Nanamelohan'Andriamanitra ny ota.*